AMBOHIMANGAKELY 2

# RANGAHY MATY NANANTON-TENA REHEFA AVY NIFAMALY TAMIN'NY VADINY

Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7657 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 31 aogositra 2023

FIFIDIANANA FILOHAN'NY REPOBLIKA 2

# TAORIAN'NY 1991, TSY NISY LANY FIHODINANA VOALOHANY INTSONY TETO AFA-TSY...







TONIA MPAMPANOA LALANA - TRIBONALY ANOSY 4

# "TSY NISY FITORIANA MOMBA NY ZOM-PIRENEN'NY FILOHA RAJOELINA"

MARINA IZANY ! 4

## MALAZA RATSY !

PARAINA AUGUSTE 4



## KANDIDÀ FILOHAM-PIRENENA, NANATITRA DOSIE TENY AMIN'NY HCC

LALAON'NY NOSY - TENISY 3



## LASAN'I MIALY RANAIVO NY MEDALY VOLAMENA

KANDIDÀ HO FILOHAM-PIRENENA 8 4

## NANAO FANAMBARANA FA TSY AFAKA MIROTSAKA HOFIDINA RAJOELINA






Fifidianana filohan'ny repoblika

# Taorian'ny 1991, tsy nisy lany fihodinana voalohany intsony teto afa-tsy…

*Fomba iray itarafana ny demokrasia ny fifidianana ka anisan'izany ny fisian' ny fihodinana faharoa eo amin'ny fifidianana filohan'ny repoblika mba hahitana izay kandidà mandresy.*

Fifidianana fihodinana faharoa daholo no nahalany ireo filohan'ny repoblika teo aloha. Isany i Albert Zafy, Didier Ratsiraka, Hery Rajaonarimampianina, ary ny filoha ankehitriny Andry Rajoelina. Taorian'ny 1991 no mankaty dia tsy nisy filohan' ny repoblika lany fihodinana voalohany izany intsony teto Madagasikara, afa-tsy...

Mahakasika izay ihany, ny taona 1993, ohatra, no voafidy sy nanao fianianana i Zafy Albert. Nanaraka azy Ratsiraka Didier, izay voafidy ary nanao fianianana ny taona 1997. Ny taona 2014 no voafidy sy nanao fianianana i Hery Rajaonarimampianina. Namarana azy ny filoha amperinasa ankehitriny, izay voafidy sy nanao fianianana ny taona 2019.

**Naningana**

Tamin'izy rehetra ireo dia somary naningana ny momba an'Ing. Marc Ravalomanana. Ny tenany dia nambara fa lany fihodinana voalohany (io ilay hoe « 1er tour dia vita »), ary nanao fianianana ny taona 2002. Raha tsiahivina dia niteraka fifanolanana ara-pifidianana sy ady teto amin'ny firenena izy io.

Taorian'ny 2002 dia mbola lany fihodinana voalohany indray Ing. Marc Ravalomanana ary nanao fianianana ny taona 2007. Vanim-potoana tsy nahitana firy ny mpanohitra tamin'izany. Ny AREMA, izay azo lazaina fa tena mpanohitra anefa nangingina taorian'ny 2002. Nisy tamin'ireo mpanao politika hafa sahy nanohitra no lasa any am-ponja. Tamin'ireo nifaninana tamin'ny fifidianana filohan'ny repoblika dia tsy nisy kandida natanjaka ankoatra ny kandida izay sady mbola mpitondra tamin'izany.

**Fiovana**

Fomba iray itarafana ny demokrasia ny fifidianana ka anisan'izany ny fisian'ny fihodinana faharoa eo amin'ny fifidianana filohan'ny repoblika mba hahitana izay kandida mandresy. Fihodinana voalohany hatrany no nahalany ny filohan'ny repoblika nitondra teto Madagasikara talohan'ny taona 1993. Antony ara-tantara no nahatonga io fiovana goavana teo amin'ny fizotran' ny fifidianana filohan'ny repoblika teto Madagasikara nanomboka ny taona 1993 io. Fiovana nateraky ny fihetsehambahoaka tamin'ny taona 1991, izay nitakiana ny fametrahana ny demokrasia. Taorian'io, nisy hatrany ireo kandida matanjaka mpifaninana amin'ny fifidianana, na miaraka amin'ny fitondrana io, na avy any amin'ny mpanohitra. Izay no nahatonga ny fihodinana faharoa. Aorian'ny fihodinana faharoa hatrany vao fantatra izay mpandresy sy voafidy ho filohan'ny repoblika.

Fehiny, i Madagasikara dia anisan'ireo firenena vitsy aty Afrika hany mbola nahatazona hatramin'izao io fiovana lehibe teo amin'ny lafiny fifidianana filohan'ny repoblika io, izay vokatry'ireo fitakiana mahakasika ny demokrasia natao tany aloha.

**L.R.**

Vidim-bary

# Tafakatra 3 400 Ar ny kilao

Miverina miakatra tsikelikely ny vidim-bary. Ho an'ny faritra Analamanga manokana, manomboka amin'ny 2 450 Ariary ka hatramin'ny 3 400 Ariary ny kilaon'ny Makalioka, 2 300 Ariary ka hatramin'ny 3 200 Ariary ny kilaon'ny vary Gasy, ary 2 500 Ariary ka hatramin'ny 3 000 Ariary ny kilaon'ny vary nohafarana avy any Ivelany. Ampoizina ny mety mbola hiakaran'ny vidim-bary, satria efa miditra tsikelikely ao anatin'ny fotoanan'ny maitso ahitra ny eto amintsika. Tsy misy ny vokatra miakatra mandritra io fotoana io. Misy ihany ny "vary aloha", saingy na mahafatra-po aza tsy mahavita taona, araka ny fitenenana. Raha ny tetiandrom-pambolena mahazatra no jerena dia eo anelanelan'ny volana janoary sy martsa no miakatra ny "vary aloha", eo anelanelan'ny volana aprily sy jona ny fahavokaran'ny "vary vakiambiaty", ary eo anelanelan'ny volana jolay ka hatramin'ny septambra kosa ny fiakaran'ny "vary jeby".. Iaraha-mahalala fa mamokatra vary eo amin'ny 5 tapitrisa taonina latsaka kely isan-taona i Madagasikara. Mbola tsy mahenika ny tsena ato anatiny anefa io vokatra io ka tsy maintsy manafatra vary avy any Ivelany, toy ny avy any Inde sy Pakistan. Nahatratra 632 125 taonina ohatra ny vary nohafarana tamin'ny taona 2021, ary nahatratra 744 846 taonina tamin'ny taona 2022.

**R. Muray**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 258 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Lasopy voatavo sy fromazy

Zavatra ilaina : voatavo 1, ovy 3, rano, "crème fraîche" 200ml, fromazy 200g, persily, sira sy dipoavatra, persily, azo asiana "mortadelle" kely raha tianao.

Fikarakarana azy :Voasy ny voatavo dia diovy tsara ary teteho vaventy. Voasy koa ny ovy ka andrahoy miaraka ireo. Potsero miaraka rehefa masaka tsara miaraka amin'ny ranony ka ny mety dia ataovy marihitra. Avereno ambony afo ka arotsahy ao ny "crème" dia aza hadinoina ny sira sy dipoavatra ary persily nopotehina. Raha vantany vao mangotraka dia esory ka araraho ny fromazy sy "mortadelle" notetehina madinika. Arosoy mafana.

Ambohimangakely

# Rangahy maty nananton-tena rehefa avy nifamaly tamin'ny vadiny

Zavatra azo lazaina ho tsy dia misy dikany akory, satria mbola azo nifampiresahana tsara kanefa dia niafara tamin'ny famonoan-tena ity tranga teny Tsarahasina Ambohimangakely ity. Raimpianankaviana iray tokony ho sivy amby roapolo taona eo, manam-bady ary manan-janaka roa, no hita faty nihantona tamin'ny tady teny ambony hazo ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany tolakandro. Ny olona teny amin'ny manodidina no nahita izany ka nampandre ny mponina teo antanàna. Nantsoina ihany koa ny mpitandro filaminana. Tonga teny an-toerana nijery ny zava-nitranga sy nanao fizahana ny razana ny zandary niaraka tamin'ny dokotera. Raha ny fanazavana azo dia maty nananton-tena ity lehilahy ity. Nisy mangana tamin'ilay tady ny tendany ary nahenoana fofon-toaka izy.

**Tezitra mafy**

Araka ny fanazavana azo dia avy nifamaly tamin'ny vadiny ity rangahy ity tamin'io fotoana io ary voalaza fa vola saika hividianana sakafo antoandro tsy hita no anton' izany. Rehefa noteren'ilay ramatoa vadiny teo ilay rangahy dia nilaza fa laniny nisotroany toaka ny vola ka tsy nitondra na inona na inona nody izy. Tezitra mafy ilay ramatoa ka teo no raikitra ny fifamaliana. Tsy nahatanty ilay rangahy izay efa mamomamo ka lasa nirintona nandeha ary io hita faty nananton-tena io.

**R.C**

Olona tsy manan-tsata

# Miroso amin'ny fametrahana rafitra ho fampanajana ny zon'izy ireo i Madagasikara

Efa miroso mankany amin'ny fametrahana rafitra hijerena ny zon'ireo olona tsy manan-tsata i Madagasikara. Ny fiandohan'ny herinandro teo dia nisy atrikasa nandraisan'ireo minisiteran'ny fitsarana, tomponandraikitra voalohany amin'izay sehatra izay, miaraka amin'ny fikambanana toy ny « Focus Développement Association », ary ny ireo tomponandraikitra ambony eo anivon'ny firenena mikambana notanterahina. Tanjona tamin'izany ny hakana ny hevitry ny rehetra hahafahana miatrika sy manomana ilay hetsika « Global Refugee Forum », izay hotanterahina any Genève ny 13 hatramin'ny 15 desambra 2023 izao. Tanjona tamin'izany ny handraisana ny hevitr'izy ireo sy ho fanamafisana ny faneken'ny fitondram-panjakana malagasy hijery ny mikasika ny tsy fanan-tsata. Eo ihany koa anefa ny hitadiavana vahaolana mba hanatsarana ny fiainana sy ny zon'ireo olona tsy manan-tsata ireo. Tsiahivina fa efa nisy roa ny fepetra manokana noraisin'i Madagasikara tamin'ny 2019, ka anisan'izany ny fanomezana tolo-dalàna mikasika azy ireo sy ny famahana ny olana mikasika ny sata manokana, ary ny mety hametrahana birao manokana hisahana ny mombamomba azy ireo. Manana hatramin'ny 31 aogositra isika handefasana amin'ny fomba ofisialy ireo fepetra mila fanatsarana sy ny fanapahan-kevitra manokana ho raisin'i Madagasikara.



**Mbola betsaka ny ezaka tokony hataontsika, hoy ireo mpandray anjara tamin'ny atrikasa.**

**Nath**

A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

**Siteny Randrianasoloniaiko**

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

# Lalaon'ny Nosy 2023

Tenisy

## Lasan'i Mialy Ranaivo ny medaly volamena

Raha votsotra ny medaly volamena teo amin'ny fifaninanana an'olon-tokana Lehilahy, dia tsy namelan'i Mialy Ranaivo kosa raha tsy resiny ny teo amin'ny lalao famaranana vehivavy, tamin' ny seta 2 no ho 0 ilay renionezy Pauline Payet (6 / 3 - 6/4). Nisy fifandirana teo amin' ny fanatanterahana ny seta faharoa, satria tsy nifanarakevitra ilay mpitsara afovoany teratany maorisiana sy ilay an-tsisiny Malagasy, izay mijery ny fivoahan'ny baolina. Raha ny fahitana ny fandehan' ny baolina dia tafiditra soa aman-tsara, ary dia tsy nisalasala ilay Maorisiana nanaiky an'izany. Tetsy andanin'izany dia efa niditra teny ambony kianja ACSA Ambohidahy ny mpilalao sy ny mpanazatra ny ekipam-pirenena ary ny mpanohana an'i Mialy nifaly sy niarahaba ny maherifony. Naharitra adiny roa mahery kely ny faharetan'ny lalaon'izy mirahavavy. Tany amin'ny fanatanterahana ny " tie break" 7 no ho 5 kosa vao lavon'ilay teratany renioney, Florent Bax, i Toky Ranaivo, nahazo ny medaly volafotsy, niaro ny voninahi-pirenena teo amin' ny famaranana lehilahy. Niady ny baolina ary nampangitakitaka ny mpijery tao anatin'ny adiny telo sy sasany. Nirava ady sahala izany ny lalao teo amin'i La Reunion sy Madagasikara fa samy niambozona medaly volamena iray avy. Tao anatin'ny ranomaso sy fahakiviana no nandraisan'i Toky ny fahareseny. Hiatrika ny famaranana an' olon-droa miaraka indray ny mpankafy an'ity taranja ity anio.

**aris rafaly**

Volley (lahy sy vavy)

## Tafita amin'ny manasa-dalana ny ekipantsika

Hotanterahina anio sy rahampitso etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina ny lalao manasa-dalana amin'ny Lalaon'ny Nosy, taranja Volleyball. Samy tafita hiatrika izany avokoa na ny ekipam-pirenena vehivavy na ny lehilahy. Raha ny fandaharam-potoana dia anio amin'ny 12 ora antoandro no hifanandrina amin'ny ekipam-pirenen'i Seychelles ny ekipam-pirenena malagasy lehilahy. Rahampitso kosa no hifanandrina amin'i Maorisy ny ekipam-pirenena vehivavy. Taorian'ny antso nataon' ny mpankafy ity taranja ity no nanapahana ny hamindrana azy. Raha hiverenana ny teo amin'ny sokajy lehilahy, tafavoaka voalohany tao anatin'ny vondrona nisy azy i Madagasikara, rehefa nandavo tamin'ny seta 3 no ho 1(20/25-25-19/25/20-25/21) an'i Maldives. Omaly dia mbola tamin'ny seta 3 no ho 1(25/17-21/25-29/27-27/25)koa no nanilihan'i Madagasikara an-dry zareo Renioney. Niady ity lalao ity, izay ry Andry be, Tsiory, Willot no nahazo ny seta voalohany. Namaly ny vahiny, nahitana an-dry Fabien kapiteny, Mathieu, Grégroire, ka tsy nanaiky raha tsy norombahiny koa ny seta faharoa. Efa tamin'ny isa 29 no ho 27 kosa vao azontsika ny seta fahatelo. Nampitsangamitoetra ny seta faha-4. Nisy fotoana efa nitarika lavitra ry zareo Renioney, saingy nosahalaintsika ho 24 no ho 24 izany. Nifandimbiasana teo ny fitarihana ny isa saingy isika no tompon'ny teny farany, ka nandresy 27 no ho 25. Nahafinaritra tokoa ny tamin'ity, izay miendrika lalao famaranana kely mihitsy. Teo koa ny fifanandrinana teo amin'ny Rainy (Lalabe) milalao miaraka amin'i Madagasikara sy ny zanany Rivo, milalao ao amin'ny ekipam-pirenena La Reunion, saingy ny antitra antitra ihany teto.

**Rabenaivo**

## Akon'ny JIOI

***- Tsipy kanetibe –*** Votsotra teo am-pelatan'i Madagasikara avokoa ny medaly volamena, ho an'ny «tir de prècision». Teo amin'ny sokajy lehilahy, resin'ilay Maorisiana, Parvez tamin'ny isa 34 no ho 30 i Radoko. Ity farany dia nihanona tamin'ny medaly volafotsy. Mbola medaly volafotsy koa no azon'i Judicael, rehefa resin'ilay Renionaise, Isabelle Rivière tamin'ny famaranana.

***- Fonjamby -*** Raha i Rosina Randafiarison ( - 45 kg ) no nisantatra ny fandrombahana ny medaly volamena, dia nofaranan'i Miadantsoa Ravina Vaniah (+87 kg) izany teny amin'ny Lapan'ny Fanantanjahantena Mahamasina (Annexe). Teo amin'ny " Arrache " dia 77 kg no zakany. Medaly volafotsy kosa no azony teo amin'ny "epaule - jete" ka 91 kg no zakany. Lasan'ilay Seychelloise Chakira Rose (+87 kg) kosa ny medaly volamena, izay nahazaka 102 kg. Araka izany dia mitana ny laharana voalohany teo amin'ny " Total Olympique " ity seychelloise ity, satria nahatratra 175 kg ny fitambaran'ny zakany, izay nahazoany medaly volamena fanintelony raha 168 kg ny T.O an'i Vaniah. nahazoany medaly volafotsy fanindroany. Anterina fa mahatratra 34 ny fitambaran'ny medaly volamena norombahin'ny mpibata fonjamby malagasy, 12 ny medaly volafotsy ary 10 kosa ny alimo.

***- Filaharana vonjimaika -*** Tamin'ny talata 29 aogositra 2023 dia nahazo ny laharana faharoa vonjimaika i Maurice, satria tafakatra 50 ny isan'ny medaly volamena azony raha 48 kosa no azon'i La Reunion. Mbola tsy voahozongozona amin'ny laharana voalohany vonjimaika kosa aloha hatramin'io andro voalaza io ny firenentsika (66 volamena). Nanjakan'ireto firenena anankiroa ireto ny taranja ady totohondry sy ny lomano. Tsy nampisongadina firy loatra ny atleta malagasy ireo taranja anankiroa ireo, afa-tsy i Jonathan Raharvel irery teo amin'ny lomano, izay hany nandroaka medaly volamena telo teny Vontovorona. Midika izany fa mila miofana any ivelany sy mandray anjara matetika amin'ny fifaninanana iraisampirenena ny atleta na ny mpilalao raha te ho lasa lavitra. Ampahatsiahivina fa i Jonathan Raharvel dia miofana any amin'ny " Centre International de Natation " any Thailand.


**aris rafaly/Rabenaivo**

Feon'Ala

# Mandalo eto an-tanindrazana i Vero

Rehefa tsy tazana nandritra ny taona maro dia mandalo eto an-tanindrazana izao i Vero. Tao amin'ny tarika Feon'Ala no tena nahalalan'ny maro azy, izay nodimbiasan'i Cynthia zanany vavy taty aoriana. Any Toulouse France izy no monina sy mila ravinahitra nanomboka tamin'ny taona 2004 iny ka hatramin'izao. Anisan'ireo mpiangaly feo lafika sangany teto amintsika izy, nihira tao amin'ny tarika maro toa an-dry Rossy, Samoela, Bodo, Njakatiana sy ny maro hafa. Ankoatra ny fitondrana avo ny lazan'ny Feon'Ala rehefa nonina tany Frantsa izy sy Cynthia ary Stephanie. Manohy ny talentany amin'ny fanjairana lamaody izy na efa mpiasam-panjakana aza ankehitriny. Ireo mpanakanto malagasy mandalo ao Toulouse dia tsy maintsy mandalo ao amin'i Vero ary voakarakarany tsara mihitsy. Manampy sy manohana azy amin'izany ny vadiny na vazaha aza. Tsy manary ny Malagasy namany izy ary tia manampy indrindra ireo artista malagasy mandalo any antoerana.

**Fy**



Mbola vonona hanandratra ny kanto malagasy hatrany i Vero.

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha ao anatinao ny fandriam-pahalemana dia tokony ho hainao ny mitsiky sy mihomehy rehefa miaina anaty fahoriana be. "

Ny Vetso (17 .06. 15)

("Tu as la paix en toi, tu pourras alors rire plus fort que ta misère. " Charif BARZOUK)

Rasamimanana Rochel (Ra-Petit)

## Nasandratra ho "Commandeur de L'Ordre National Malagasy"



Ny zoma izao no halevina any amin' ny fasandrazany any Amboanana Arivonimamo Ra Pety.

Notanterahina tetsy amin'ny kianjan'ny hiragasy etsy Anosy omaly ny fanandratana an-dRasaminana Rochel, na Ra Pety, ho eo amin'ny laharam-boninahitry ny « Commandeur de L'ordre National Malagasy ». Ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Lalatiana Rakotondrazafy no nisolo tena ny fitondrana nametraka izany. Nandritra izany ihany koa no nanambaran'ny minsitra fa atao amin'ny anaran'ity mpikanto ity ny anaran'ny kianjan'ny hiragasy etsy Anosy manomboka izao. Nampahatsiahivin'ny minsitra moa fa anisan'ny niady mafy ny tokony hananan'ny mpihira gasy kianja manokana ho azy ireo Ra Pety rehefa teo amin'ny toerana naha filohan'ny Federasionin'ny Mpihiragasy azy, 20 taona lasa izay. Betsaka ihany koa ny zava-bitany teo amin'ny fanandratana sy ny fampiroboroboana ny hiragasy. Rehefa nanambady an'i Sahondrafinina Zanany izy dia lasa filohan'ny tarika tao, ary izy no mpamoron-kira sy nampianatra dihy, sady mpikabary raindahiny ihany koa. Ny alahady teo no nindaosin'ny fahafatesana tampoka teo am-panaovana seho tany amin'iny faritr'i Betsileo iny Ra Pety. Ny zoma izao kosa izy no halevina any amin'ny fasandrazany any Amboanana Arivonomamo. Ny zavatra nikirizany no mipetraka ho an'ny taranaka any aoriana.

**Tiaray R**

AGECOTOUR

## Hahazo tombontsoa maro ireo tanora miofana ao

Nisokatra amin'ny fomba ofisialy ny "AGECOTOUR Business" eny Ambohimiandra, toeram-piofanana iray ahafahan'ny tanora miofana mahakasika ny "Agribusiness", "Gestion", "Communication" ary "Tourisme" sy "hôtellerie". Misy hatramin' ny taona fahatelo ao amin'ity toeram-piofanana araka asa ity ka ahazoana ny maripahaizana lisansa. Tombony maro no azon'ny tanora misafidy ny hiofana ao. Ao amin'ny taona voalohany fotsiny izao dia efa misy toerana efatra ahafahan'izy ireo manao fanazarana amin'ny fianarana ataony. Eo ny eny amin'ny Domaine Tsilazaina, ny Vohitsalama, ary ny Mantasoa Lake Chill, sy ny ao amin'ny foibe eny Ambohimiandra. Tonga ao amin'ny taona faharoa kosa dia misy ny fanaovana "voyage d'étude" any Maorisy. Rehefa tonga ao amin'ny taona fahatelo kosa ny mpianatra dia efa azo antoka fa manana ny maha izy azy sy fahaiza-manao, azony entina eo amin'ny sehatry ny asa tsara mihitsy. Nohazavain' i Anny Andrianaivonirina sy Bako Ratsifandrihamanana moa fa mbola malalaka ny tsena eo amin'ireo sehatra iofanana ireo ka izay no antony nifidianana an'ireo, mba hahafahan'ny tanora mitrandraka sy mamorona asa ho an'ny tenany rehefa vita fiofanana.

**Tanya.R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* 033.92.035.13 / 034.89.917.62. Poketra, fitaovan-dakozia, alu, lamba, kiraro, kilalao, radio. (G-BA 630/10-6)

* 032.55.802.52 / 033.40.011.06. Debara, lamba, kiraro, kilalao, korontana sns, alu, vy, poketra. (G-BA 629/10-6)

* Fanaka, lamba, kiraro, TV, frigo, machine, bisikileta, entana an-dakozia. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 632/10-5)

### COURS

* Cours de coiffure acceléré : Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 631/10-6)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 633/6-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-19)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 032.68.326.29. (G-BA 624/15-13)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-12)

### MITADY ASA

* H. 40 ans. Mitady asa sôfera - sce patron, livreur, coursier. Permis B. Dispo. Tél : 034.67.366.76. (G-BA 634/2-1)

Paraina Auguste

# Kandidà filoham-pirenena, nanatitra dosie teny amin'ny HCC

*'' Efa ela no nanomananay azy ity ka antony nanangananay ny antoko Tsara Tahafina''.*

*''Tsy hisy hampina ary tsy hisy hangalana intsony ny dosie naterinay tety amin'ny HCC. Voaloa ny 200 tapitrisa Ariary, feno ny antontantaratasy rehetra ary vonona izahay hiatrika ny fifidianana, ka aza afangaro kosa ny werawera sy ny hoe iza no manam-bola sy ny tsy manam-bola. Hampiseho izay traikefa ananana izahay ary ho hita amin'ny adihevitra hataon'ny kandidà hoe iza no mendrika hitondra ny firenena? Iza no manana traikefa sy ny fahaizana? Misy no maka tahaka ny sasany ka izay efa notenenanay ohatra dia iny indray no averiny, ka amin'ny adihevitra isika mahita an'izany''*, hoy Atoa Paraina Auguste, kandidà filoham-pirenena narotsaky ny antoko Tsara Tahafina, nanatitra ny dosieny teny amin'ny HCC omaly. Izy no kandidà fahefatra nandalo teny amin'ity Andrimpanjakana ity. Nohamafisiny fa *''tsy misy zavatra haterina hafa intsony ary alarobia tsy miverina ny omaly. Izy ity dia raharaham-pirenena ka tsy hatao sangisangy ary efa ela no nanomananay azy ity ka antony nanangananay ny antoko Tsara Tahafina, sady misy tetikasa sosialy mazava tsy novidina fa izahay mpanorina no namorona azy. Vita ny fametrahana ny dosie rehetra ary tsy nisy zavatra nokianina fa feno. Hiatrika ny manaraka amin'izay izahay manomboka eto ka ny zavatra hatao izao dia ny hiatrehana ny fifidianana''*, hoy hatrany Atoa Paraina Auguste.

**HAR.**

Kandidà ho Filoham-pirenena 8

# Nanao fanambarana fa tsy afaka mirotsaka hofidina i Andry Rajoelina

Mitohy ny adihevitra manodidina ny zom-pirenena frantsay ananan'ny filoham-pirenena sy ny fahaverezan'ny zom-pirenena malagasy teo aminy, noho izy feno taona nangataka zom-pirenena vahiny. Mandeha ihany koa ny feo fa miteraka adihevitra any amin'ny fianakaviamben' ny fitsarana ka ifanilihana ny hanao sonia ny taratasy mirakitra ny zom-pirenena ananan' ny filoha, izay marihina fa anisan'ireo dosie takian'ny HCC amin'izay ho kandidà. Ao anatin'izany fotoana mampamaivay ny adihevitra pôlitika izany indrindra no niray feo ny kandidà 8 ( Marc Ravalomanana, Hery Rajaonarimampianina, Siteny Randrianasoloniaiko, Raobelina Andry, Paraina Auguste, Hajo Andrianainarivelo, Tahina Razafinjoelina, Masy Goulamaly) mampahafantatra amin'ny tompon' andraikitra rehetra, olomboafidy sy olomboatendry, siviLy sy miaramila, izay samy nampindramina fahefana, ary ny vahoaka malagasy, fa tsy afaka mirotsaka hofidina intsony i Andry Rajoelina, miainga amin'ny voalazan'ny andininy faha-42 ao amin'ny lalàna mifehy ny zom-pirenena malagasy sy ny andininy 46 amin'ny lalam-panorenan'ny Repoblika faha-4.

**V.R.**

Vehivavy avy amin'ny faritra 23

# Nangataka ny Filoha Rajoelina ho kandidà

Nifamotoana teny amin'ny Antenimierampirenena ny solontenan'ireo vehivavy manohana ny fitondram-panjakana avy amin'ny faritra 23 eto Madagasikara, omaly. Nitaky ny hirotsahan'ny Filoha Andry Rajoelina fanindroany amin'ny fifidianana filoham-pirenena izy ireo. *« Nandalo fotoan-tsarotra ny firenentsika tany amin'ny taoana 2020 tany. Nihena hatramin'ny harin-karena mihitsy tamin'izany, kanefa niakatra izany nanomboka ny taona 2021. Maro ny zavatra efa vita ary niezaka ny fitondram-panjakana. Tsy midika anefa izany fa tonga lafatra ny rehetra, raha tsy hiteny afa-tsy ny fampitaovana ny tantsaha amin'ny lafiny rehetra, ny sekoly, ny fanamboarana trano sy làlana ho famoaham-bokatra. Izany anefa dia mitaky ny firaisankinan'ny Malagasy rehetra. Noho izany dia mangataka ny firotsahan'ny Filoha Andry Rajoelina fanindroany ho fanohizana ny asa rehetra efa vita sy izay tsapa fa mbola tsy vita izahay»*, hoy Rtoa Rajaonesa Suza.

**Mamy R.**

## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

## Marina izany !

### Malaza ratsy !

**Mifanesisesy loatra tato ho ato ny tandrevaka mampalaza ratsy an'i Madagasikara any ivelany any. Ny akaiky indrindra dia ny tsy fahatomombanan'ny fanomanana sy ny fandraisana ny lalaon'ny Nosy, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fisian'ireo atleta vahiny narary vokatry ny sakafo, nanakoako tamin'ny fampahalalambaovao any ivelany. Tsy resahina intsony ny ain'ny mpiray tanindrazana maro nafoy teny Mahamasina, nandritra ny lanonam-panokafana, niteraka alahelo sy ranomaso ary henatra ho antsika, noho ny vaovao nanakoako eran-tany. Ankoatra izay, mbola andrasana ato ho ato ny fitsarana ny raharaha maha voarohirohy ny talen'ny kabinetran'ny Fiadidiana ny Repoblika teo aloha, any ivelany any. Trangan-javatra na tiana na tsy tiana dia manome endrika ratsy antsika sy mahavoatonontonona ny anaran'i Madagasikara. Tsy izany ihany fa maro ny tranga nampalaza ratsy antsika any ivelany any izay mbola maha sarotra ny famerenana ny fahatokisan'ny mpamatsy vola sy ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany, toy ny fisian'ireny volamena sy harena sarobidy nivoaka an-tsokosoko teto ireny ary tra-tehaka any amin'ny firenen-kafa. Teo ihany koa ny tsy fisian'ny mangaraharaha nandritra ny fitantanana ny fanampiana avy any ivelany, nanohanana an'i Madagasikara tao anatin'ireny fotoan-tsarotra nisian'ny valanaretina " covid 19 " ireny. Mbola tsaroin'ny rehetra ny famoahana ny volan'ny beantitra tsy mazava, niteraka fampidirana am-ponja olona tsy manan-tsiny sy fitokonan'ny mpiasa ireny. Marihina fa santionany amin'ny fanamparam-pahefana sy ny kolikoly avo lenta ireo tanisaina ireo ka na tiana na tsy tiana dia mandratsy endrika an'i Madagasikara any ivelany any !**

Voahangy Rakotozafy

Tonia Mpampanoa lalàna - Tribonaly Anosy

# "Tsy nisy fitoriana momba ny zom-pirenen'ny Filoha Rajoelina"

Novoizina tao anaty tambajotran-tserasera fa efa vita teny anivon'ny Fampanoavana ny fampiantsoana, na « Assignation », ny Filoha Andry Rajoelina eo anivon'ny fitsarana momba ny fahaverezan'ny zom-pireneny. Nitondra fanazavana momba ity resaka ity, omaly, Rtoa Rakotoniaina Narindra Navalona, Tonia Mpampanoa lalàna eo anivon'ny Fitsarana Ambatonga voalohany Antananarivo. Nambarany fa araka ny voalazan'ny lalàna manan-kery, andininy faha-72 ao amin'ny fehezan-dalàna mifehy ny fizakana ny zom-pirenena malagasy, laharana faha-60.064, dia ny Tonia Mpampanoa lalàna irery ihany no omen'ny lalàna fahefana hanetsika ny fitsarana hanao fizahana, na « constat », ny fananan'olona iray na tsia ny zom-pirenena malagasy. Nohamafisiny fa tsy nanao fampiantsoana na « Assignation » ny Filohan'ny Repoblika izy ireo. Midika izany fa tsy misy fitoriana momba ny zom-pirenen'ny Filoha Rajoelina voarain'izy ireo. « *Diso tanteraka ny filazana fa nisy taratasy nanaovana "assignation" nosoniavinay ka nalefa teny amin'ny Fiadidiana ny Repoblika na tamin'ny Filohan'ny Repoblika tenany* », hoy izy. Notsindriny ny voalazan'ny andininy faha-76 ao amin'ny fehezan-dalàna, fa tsy maintsy misy dika mitovy momba ny fitoriana apetraka eny anivon'ny mpitahiry ny fitombokasem-panjakana. « *Izahay Tonian'ny Mpampanoa lalàna dia manambara ihany koa fa tsy nisy izany. Ny resaka hafa rehetra mifanohitra amin'izany dia fanelezana vaovao tsy marina ary azo enjehin'ny didy aman - dalàna manan-kery eto amin'ny tany sy ny firenena* », hoy ihany izy.

**JUDD**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Tsy mahatanty*




## Hatsikana an-tsary

*Kala*




## Masoandro Miposaka

**Apokalypsy 12 : 10**

**Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika, Ary ny fahefan'ny Kristiny, Satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay miampanga azy eo anatrehan'Andriamanitsika andro aman'alina.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aza mikiraro ambony kitay, ka manao laniala ampisoronan'afo.**

Ne mettez pas des souliers pour marcher sur l'herbe sèche, et ne vous nettoyez pas les dents pour attiser le feu.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3037**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 1 | | | | 6 | 8 | |
| | | 4 | | 8 | | | 3 | 2 |
| 5 | | | | | 2 | | | |
| 9 | | | 4 | 5 | | | 2 | |
| | 4 | | 6 | | 7 | | | |
| | | | | | | | 5 | |
| 2 | | | | 3 | | 8 | 9 | |
| | | 9 | 8 | | | | | |
| 3 | | | | | | | | |

Valin'ny laharana **30356**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 7 | 5 | 6 | 4 | 9 | 8 | 2 | 1 |
| 8 | 9 | 2 | 5 | 1 | 3 | 4 | 7 | 6 |
| 1 | 6 | 4 | 7 | 8 | 2 | 9 | 3 | 5 |
| 6 | 8 | 3 | 2 | 9 | 7 | 5 | 1 | 4 |
| 2 | 4 | 9 | 8 | 5 | 1 | 3 | 6 | 7 |
| 7 | 5 | 1 | 4 | 3 | 6 | 2 | 9 | 8 |
| 9 | 3 | 8 | 1 | 6 | 5 | 7 | 4 | 2 |
| 5 | 2 | 6 | 3 | 7 | 4 | 1 | 8 | 9 |
| 4 | 1 | 7 | 9 | 2 | 8 | 6 | 5 | 3 |

# VALIHA

**Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy**
**Havàtsa-UPEM - Laharana 328 - 31 Aogositra 2023**


*ANDALA-NOTSONGAINA*
*Atolotr'i Jacynthe*

(...)
Ianao Poeta mantsy no tehina hianteherana

sy andry fiankinan'ny tenintsika masina.

Ny soratrao Poeta, hameno sy hanerana

ny izao tontolo izao tsy feran-dranomasina.
(...)

***RANDRIAMISETRA***

## VOAMBOLANA

**Mitanesaka** : mitaredretra na midamodamo ka toa tsy mahetsika firy eo am-pandehanana noho ny hatavezana.

Oh.: ***Mitanesaka** izaitsizy Ingahindriana ka tsy maharaka ny dian'ny maro.*

**Jilo** : marani-doha, mitsilotsilo loha.

Oh.: *Avo sady **jilo** ny tapenaky ny ankamaroan'ny trano eo an-tanàna ka manome endrika miavaka azy.*

**Jila** : maivana, pelika, jejo.

Oh.: *Lakan-**jila** (lakana kely, maivana)*

***RANJATOHERY Harilala***

## MATOANDAHATSORATRA

**Ho Malagasy mandroso nefa mijanona ho Malagasy**

"Ho Malagasy mandroso nefa mijanona ho Malagasy", hoy i RAINANDRIAMAMPANDRY; notoavin'ireo olona mahatsiaro tena fa tia ny tanindrazany izany, anisany ny Profesora RAKOTO RATSIMAMANGA Albert sy ireo olo-malaza nanamarika ny tantaram-pirenena.

Inona moa ny hoe Malagasy mandroso ? Noho ny firimorimon'ny haivao ve ka voatery manaraka sao hibemotra? Misy fiaraha-mirona izoran'izao tontolo izao ve ka izay firenena tsy maharaka ao anatin'izany dia ampoizina ho very an-daharana? Araka ny fandinihanay dia heverina fa ny toe-tsaina no mampandroso na tsia. Rehefa miala amina toe-javatra iray ianao ka hifindra amina toe-javatra iray hafa tsaratsara kokoa sady tsy maharatsy anao no tsy manimba ny hafa, dia azo lazaina fa izay no fandrosoana.

Mila fandanjalanjana izay atao rehetra: todihina ny lasa, banjinina ny hoavy. Ny hataon'ny tsirairay anio no hiantoka izay hoaviny, ny hoavinao, ny hoavintsika ary ny hoavin'ny taranaka fara aman-dimby.

Ho avy handatsa-bato tsy ho ela ny olom-pirenena malagasy, hifidy izay ho mpitondra azy. Adidy aman'andraikitra izany ka tsy tokony hisy hiraviravy tanana na iray aza. Handray ny andraikiny ny tsirairay, ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana isan'ambaratonga ; miainga eny ifotony izany ary tsy ho amin'ny fifidianana ihany no tokony hisian'ny fahatsapan-tenan'ny tsirairay fa ny any aoriana sy ny ho tohin'ny fiainana manontolo indrindra indrindra.

Antenaina àry fa hijanona ao anatin'ny toe-tsaina malagasy isika eo anatrehan'ireo , ao anatin'ny kolontsaina malagasy, mba tsy ho very an-karanany tahaka ny rano atondraka an-damosin-gisa ny soatoavina mampiavaka ny Malagasy. Ho voatazona amin'izay ireo singa telo lehibe maha firenena ny firenena, dia ny teny sy ny tany ary ny tantara, izay tokony hiainan'ny Malagasy andavanandro hahafahany mandroso ka handroso tokoa hiatrika ny "lalaon'ny Nosy aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana" amin'izao fotoana izao. Hiainana isan'andro, anie, ny ho "Malagasy mandroso nefa mijanona ho Malagasy!"

***Hajaina ANDRIANASOLO***

## AM-PERIMPANORATANA



### Ikalonofintsento

na RANDRIAMBOLA Hajanirina Aimerance, poeta, mpanoratra, mpampianatra ; izy no hitafa amintsika anio.

***1 – Avy taiza ary antony manao ahoana no nahatonga ilay anarana hoe Ikalonofintsento?***

Azo avy amin'ny teny telo natambatra ny hoe Ikalonofintsento : kalo, nofy ary sento. Ny kalo midika hoe hira ; ny nofy midika hoe tsindrimandry ; ary ny sento dia takaitra vokatry ny omaly. Misy ifandraisany amin'ny fiainako ilay solon'anarana. Mbola kely aho dia nindaosin'ny fahafatesana ny raiko, nanjary takaitra tadidy ato an-tsaiko izany. Mikasika ny ray ny tononkalo nosoratako voalohany ary hatramin'izao mbola betsaka ny tononkaloko momba azy. Ny soratro rahateo milaza ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina, izay efa nodiavina na izay mbola hodiavina.

***2 – Mpanoratra sady mpampianatra Ikalonofintsento, manao ahoana ny fiainana izany zavatra atao izany eo amin'ny asa ?***

Indraindray aho manokana fotoana kely ifampizarana asa soratra amin'ireo mpianatra, atomboko amin'ny famakiana ny asa soratr'ireo kalazalahy, toa an-dry i J.J. Rabearivelo, Rado ; tsy andaniana fotona be fa eo amin'ny dimy na folo minitra eo. Ao anatin'ny fanazavana, rehefa miresaka mikasika ny literatiora dia manararaotra mampahafantatra ny mpianatra ireo mpanoratra, indrindra fa ny finiavana nananan'ny mpanoratra ary ny fikambanana ivondronan'izy ireo. Hitako afaka miaraka tsara ny asa fampianarana sy ny asa fanoratana. Manampy ireo ankizy manana asa soratra amin'ny fanitsiana sy fanentanana hamaky boky ihany koa.

***3 – Hatraiza ny fahitanao ny fahalianan'ny mpianatra amin'ny resaka haisoratra ?***

Hita hoe liana amin'ny asa soratra ny mpianatra saingy hoe ny fotoana no tsy ampy nefa tsy afaka mivalampatra. Hita mangetaheta be izy ireo amin'izany.

***4 – Mbola manana ny anjara-toerany ve ny mpanoratra ?***

Mbola manana ny anjara toerany ny mpanoratra rehefa hainy ny mametraka ny toerana misy azy, dia ho tsapan'ny fiarahamonina ny lanjany na dia tsy ampahafantarina aza. Andraikitry ny mpanoratra ny mpampahatsiahy ireo lasa, satria izy ireny no mitahiry ny zava-misy rehetra, mampiala voly ihany koa izy. Ilana mpanoratra mihitsy izao vanim-potoana iainantsika izao, satria mitari-dalana ny mpanoratra, mampahafantatra ny fitondran-tena mendrika, noho izy manabe.


**GAZETY VALIHA**

**Mpanorina :** *Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :** *Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :** *RAINIHAROMISA Fanjanlaina*
**Tonia mpanampy** *Itsipika RAMORAVELONA*

**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie

**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com


## VAOVAOM-PIKAMBANANA

***Loka NIRHY-LANTO 2023 « amboaran-drindrambolana »***

Araka ny efa nolazaina dia nikatona tamin'ny 29 jolay ny fandraisana ny lahatsoratra "amboaran-drindrambolana" (tononkalo) tamin'ny fifaninanana Loka NIRHY-LANTO 2023. Avy dia nikatroka nitsara ireo vondron'ny Mpitsara miisa dimy, notarihin'ny Filohan'ny Havàtsa-UPEM Andrianasolo Hajaina izay sady Mpandrindra no mpitsara nofantenana avy amin'ny Havàtsa-UPEM sady Mpampianatra literatiora eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo no Akademisiana rahateo. Ao koa ny avy amin'ny Fikambanana sakaiza dia ny Faribolana Sandratra izay nifantenana an'i James Rakotoarisoa, Poety-Mpanoratra, Mpampianatra literatiora eny amin'ny Oniversite sady Akademisiana. Ao i Fanja Razafimamonjy izay Poety-Mpanoratra, efa intelo nahazo loka NIRHY-LANTO, ao ny fianakaviana isoloantenan'i Nirhy-Lanto Solotiana, Mpampianatra literatiora tao amin'ny INALCO Paris ary toy izany koa ny Profesora RAJAONARIMANANA Narivelo, Poety-Mpanoratra, Mpampianatra tao amin'ny Inalco-Paris. 15 no isan'ny Mpifaninana saingy tsy mora ny asan'ireo Mpitsara. Raha tantara foronina sy sombintantara mantsy mety ho moramora kokoa am-pamakiana, fa ity amboara ahitana takila 60-70 dia tena ny tononkalo tsirairay no notsimponina mba hahafahana mandanjalanja tsara ny fitambaran'ny isa anatin'izany.

Ka toy izao ny vokatra :



**Lah. 1°** - RANARIVELO Harilala na « Roel », tamin'ilay amboaran-tononkalo ***SAHINDRA***. Amboara sy mari-pankasitrahana ary lelavola no loka azony.

**Lah. 2°** - RANDRIAMISETRA Tovoharidera Hubert Fils na «RANDRIAMISETRA» tamin'ilay amboaran-tononkalo ***SARIVONGANA*** ka nahazoany mari-pankasitrahana sy lelavola.

**Lah. 3°** - RAKOTONANAHARY Jean Franklin na « NJANJA », tamin'ilay amboaran-tononkalo ***FOTOTRA ISAINANA*** ka nahazoany mari-pankasitrahana sy lelavola.

**Lah. 3° mitovy** - R'ABEL RASENDRALALAO Hantanoro, tamin'ilay amboaran-tononkalo ***VOARINDRA AM-BOLANA*** ka nahazoany mari-pankasitrahana sy lelavola.

***Faha 100 taonan'i NIRHY-LANTO na Charles RAKOTONINDRINA***

Ny alarobia 16 aogositra 2023 no nisantarana ny faha 100 taonan'i NIRHY-LANTO tetsy amin'ny Tranombokim-pirenena Anosy. Ny fianakaviana sy Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy, Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina no nandahateny nilazalaza ny dingana nolalovan'ity Mpanoratra-Poety-Mpanao Gazety nitolona ho an'i Madagasikara ity, hoentina manamarika izao faha 100 taona izao. Mitohy etsy amin'ny TRANOSARY Ambohidahy ny fampirantiana momba an'i NIRHY-LANTO sy ny fiainany mandritra ny iray volana. Isaka ny alarobia manomboka amin'ny 2.30, izany hoe ny 23 sy 30 aogositra ary ny 06 septambra dia hanasana ny olon-drehetra ao amin'ny efitrano DOX ny loabary an-dasy sy fifaninanana ara-haisoratra karakarain'ny fianakaviana sy ny Havàtsa-UPEM, anentanana ny mpankafy haisoratra hatrany handray anjara sy hanatrika an'izany.

***Banga iray indray ny Havàtsa-UPEM***



Vaovao mampalahelo fa banga iray ny Poety-Mpanoratra ankehitriny. Nodimandry RAFARAMALALA Saholinirina na FENOTSIKY ny alakamisy 17 aogositra ary nalevina ny alahady 20 aogositra 2023 tao Ambatomalaza Ambohimalaza.
Voaray ho mpikambana Havàtsa-UPEM i Fenotsiky ny taona 2018. Mpampianatra no asany ary monina any Moramanga. Lavitra, araka izany, no misy azy, ka izay no tsy dia nahitan'ny maro azy firy teo amin'ny hetsika iarahan'ny Havàtsa-UPEM manontolo. Na izany aza dia efa namoaka boky amboaran-tononkalo izy, izay ny Filohan'ny Havàtsa-UPEM no nanao ny teny fanolorana, amboara nampitondrany ny lohateny hoe RANGO-TSENTO. Misy koa izay nokasainy havoaka saingy tsy tanterany dia ny amboara FY ARITRA, efa nahavitan'i Ranoe teny fanolorana. Nandritra ny fotoana nahararian'y dia niezaka nanao tolo-tanana ireo Poety – Mpanoratra namany, niarahana tamin'ny Havàtsa-UPEM tamin'ny alalan'ny antsa tononkalo tontolo andro ny alarobia 02 aogositra 2023 teo alatranon'ny Rarihasina Analakely, mba hanampiana ny fitsaboana azy. Mirary faherezana ho an'ny fianakaviany.

***Tsingerintaonan'ny Havàtsa***

Lalao baolina kitra no hanamarihan'ny Havàtsa-UPEM ny tsingerintaona faha 71 amin'ny alarobia 6 septambra ho avy izao.




## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Rohy malemy tsy afaky ny omby »**

Biby lehibe indrindra tamin'ireo fiompin'ny Ntaolo ny omby. Harena ny omby, ankoatra ny maha fitaovana enti-miasa azy amin'ny fambolena sy ny fitaterana. Ampiasaina mazàna tamin'ny fanatanterahana ireo fomban-drazana samihafa koa ny omby. Nakan'ny Ntaolo fanoharana maro isan-karazany koa anefa ity biby iray ity. Nisy oha-piainana notsoahiny avy amin'ny fandinihana ny toetra amam-pomban'ny omby. Mety ho toetra tsara sy mendrika ireny. Mety ho toetra ratsy sy mivaona ihany koa. Anisan'izay nasongadin'ny Ntaolo tamin'ny omby ny fahatanjahana, ny hery. Ny fampiasana ny teny hoe "ombalahy" dia efa milaza sy maneho tanjaka tsy roa aman-tany. "Ombalahy be vozona ka tsy mifidy tany hiadiana": tsy hery fotsiny no tiana hambara amin'izany fa fahasahiana hisetra ny sarotra amin'ny fotoana sy ny toerana rehetra ihany koa. "Adin'ombalahy": enti-milaza zava-baventy sy lehibe na manan-danja, ampifanoherina amin'ny hoe "adin'akoholahy", izay heverina ho zava-madinika azo ampandeferina. Toejavatra mifanohitra no hitantsika eto amin'ity fombam-pitenenana iray ity: "rohy malemy tsy afaky ny omby". Tady mahazaka lehibe no fampiasan'ny Ntaolo handrohizana na hamatorana ny omby. Matanjaka araka izany anarany izany ny mahazaka, karazan-tady noheverina tsy ho tapaky ny omby, na dia izay heverina ho maditra sy sarotra folahina aza. Ny tandroky ny omby no rohizana amin'ny mahazaka. Singorina tady ihany koa ny tongony indraindray. Fatorana mafy mihitsy ny tandroky ny omby ho an'ny olona sasany, araka ny fahazaran'ny tsirairay. Indraindray koa anefa dia arotsaka fotsiny eo amin'ny foto-tandrokomby eo ny tady natao vavarana, izany hoe tsy nogiazana. Akipilipilin'ny omby iny tady manelingelina azy iny kanefa tsy afany na dia tsy misingotra manao ahoana akory aza. "Rohy malemy" no filaza izany. Mazàna ny teny mora, ny fihetsika maneho fahalemem-panahy no ahombiazana amin'ny fanaovan-javatra na fandaminan-draharaha manahirana, noho ny fomba mivatravatra sy teny mahery. Izay no hevitry ny hoe "rohy malemy tsy afaky ny omby".

***RANJATOHERY Harilala***

## IZANY MOA ...

***NY SOATOAVINA MALAGASY EO AMIN'NY FIFANDRAISANA EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA***

Miorina amin'ny inona moa ny fihavanana raha izany sy izany? Fototra roa lehibe no iorenany: ny fifanomezan-kasina sy ny fifampitokisana. Tena andry iankinan'ny firindran'ny fiarahamonina ireo. Izay no tsy nakana ny tain'omby mivadika teny an-tanety rehetra teny, ny tsy nikitihana ny hazo voasolatra tany an'ala tany, ny tsy nibodoana ny tany voatsanga-kiady.

Inona no vokatra naterak'izany fandalam-pihavanana teo amin'ny Razana izany? Santionan-javatra lehibe azontsika tanisaina ireto : ny firaisankina tahaka ny valintanana, ohatra ; ny fifampitsimbinana tahaka ny fanaovana trano atsimo sy avaratra ka izay tsy mahalen-kialofana, ohatra ; ny fifanotronana amin'ny anton-javatra samihafa fa hafa ihany tokoa mantsy teo amin'ny Razana izany hoe mahery maro mpihoby sy maty maro mpandevina izany. Ireny atao ketsa indray mamehy no antsoina hoe adidy izay mamaritra ny fiheveran'ny fiarahamonina ny olona tsirairay, fa ny "olombelona tokoa mantsy fandrian'ny adidy" ary "ny adidy tsy an'olon-dratsy". Ny adidy no "lalàm-pihavanana" na "didim-ponenana" (Rainihifina, 1959, 60)

Ireny fiaraha-misalahy amin'ny endriny samihafa ireny anefa dia tsy manarona ny tsirairay isam-batan'olona tsy ho tazana akory, na mety hitarika ny sasany hialokaloka ao anatin'ny besinimaro ihany koa. Ny fototry ny fihavanana nampiray ny mpiara-monina ho mpirahalahy mianala mantsy sy ho mpiray vatsy amin'ny lafiny rehetra, dia nampijoro fifampitondrana teny era natao hotoavina, naseho tamin'ny von-tady na dinam-pokonolona. Koa izay minia mihoa-pefy dia ho saro-miala. Marihina ihany koa, ankoatra izay, fa teo amin'ny fiarahamonin'ny Razana, dia tsy ny zava-baventy ihany no nahamailo fa na dia ny zava-madinika koa aza dia nampanointsarotra. Navesatra ho an'ny voan-tsiny mantsy ny nitondra izany, fa ny fiarahamonina manontolo no manondro molotra azy ho lany fanahy. Mbola ny fiheverana ny fanahy maha olona hatrany no fototr'izany, izay tondroin'ny mpandinika sasany ho "bokin-dalàna lehibe mihodi-pitaratra teo am-pelantanan'ny Malagasy, ka nahaizany nifehy tena sy nanitsy ny fianakaviany." (Rasendrantomposolo E., 1958, 28). Araka izany, "tsy maintsy manao ho zava-dehibe mandrakariva tsy hanan-tsiny eo amin'ny fiarahamonina amin'ny fotoana rehetra sy toerana rehetra ny tsirairay." (Rasolomanana D., 2005, 75). Tsy mba fitsipika na lalàna letrezana, na tian-kano tsy tian-kano tahaka ny fahita any amin'ireo firenena tandrefana no nanindry ny Razana tamin'ny fanarahana izany fomba fiaina izany, fa toetsaina madiorano. "Toetsaina vokatry ny fitaizana fotsiny ny azy no nitandremany izay tsy tokony hatao sy ny tsy mendrika. [...] Nangoronan'ny olona lamba tokoa izay sahy nanao ny mifanohitra tamin'ny toetsain'ny mpiara-monina fahiny" (Rasendrantomposolo E., 1958, 13). Io "toetsain'ny mpiara-monina" io, namaritra ny fenitra-pitondran-tena ekena sy iombonana, enti-manombana ny tsirairay miara-miaina, no ilay lasitra nifamolavolana, nanorenana ny foto-panabeazana nanomboka tany amin'ny fahazazana: ny ny lalao, ny tafasiry amorom-patana, ny dinidinika eo andrefan-trano sy eo amorom-pahitra, nitarika ny saina hahiratra sy hahay mandini-javatra sy manatsoaka fahendrena amin'ny hitan'ny maso sy ren'ny sofina ary ny tsapa, tsy amin'ny fifandraisana amin'ny olona ihany, fa amin'ny zavaboahary sy ny tontolo manodidina ihany koa, no "sekolin'ny Ntaolo" (Randriamiadanarivo, 1955). Toetsaina niorina tamin'ny fahendrem-pitondran-tena nitandro fatratra ny fifandraisana amin'ny hafa no nokololoin'izany, nahatonga ny isam-batan'olona nahatandrina ny ataony. Tany am-piandohana aza, fahagolan-tany, mbola taloha elan'Andrianampoinimerina (1787-1810), dia tsy nilana fehezan-dalàna nandeha antsipiriany ny nampiharana izany, fa fanoavana ambogadiny naneken'ny saina ny mety sy ny tokony hatao ary niainana teo amin'ny fiaraha-miaina andavanandro. Raha lalàna teny tiana hampiasaina, dia izay no lalàm-pitondran-tenan'ny Razana, dia ny lalàm-pihavanana.

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***

Telma MBalik

# TOMBOLA

## NDAO HILALAO DIA MAHAZOA LOKA !




**MIVIDIANA MBALIK :**
**BOOM / MULTI 300 XL / HOME 40 PLUS / HOME 500X / HOME X-PRO**
**DIA MAHAZOA TAPAKILA HANDRAISANA ANJARA @ FISARIHANA**

**TONGAVA ENY @MPANINJARA MBALIK MANOLOANA NY STADES JIOI REHETRA**

STADE ALAROBIA - STADE BAREA - PALAIS DES SPORTS - STADE ELGECO PLUS - STADE MAKI ANDOHATAPENAKA - GYMNASE ANKATSO

« Lalao manan-kery ny 25 Aogositra hatramin'ny 03 Septambra 2023 / Fisarihana ny 04 Septambra 2023 »

#IsikaIray

GCL 599/1-1